

SARY NATAON'I MINA PRICE

# Manara-dia an'i Jesoa any Papouasie-Nouvelle-Guinée

## Ahoana no fomba hanarahan'i Erwin an'i Jesoa

Manara-dia an'i Jesoa amin'ny alalan'ny fanampiana ireo zokiolona tao an-tanànany i Erwin. Manampy amin'ny fanadiovana ny tokotanin'izy ireo izy ary mitondra sakafo ho azy ireo. "Faly aho rehefa manampy azy ireo. Te hanampy bebe kokoa aho, "hoy izy.

Manara-dia an'i Jesoa amin'ny alalan'ny vavaka amin'ny Ray any An-danitra ihany koa i Erwin. "Rehefa mivavaka aho, dia tsapako fa toa miaraka amiko Andriamanitra," hoy izy.

Nivavaka i Erwin mba hangataka ny Ray any An-danitra hanampy ny fianakaviany hiaraka mandrakizay. Nandeha tany amin'ny tempoly tany Tonga i Erwin sy ny fianakaviany mba hofehezina miaraka. Hoy izy hoe: "Nahatsapa ny Fanahy aho tao anatin'ny tempoly. Tena nilamina sy nangina tokoa." ●



**I Erwin sy ny fianakaviany tao amin'ny Tempolin'i Nuku'alofa Tonga.**

**Afaka manara-dia an'i Jesoa koa ianao!**

**Inona no zavatra nataonao hanarahana dia an'i Jesoa? Sorato dia lazao anay! Mandehana any amin'ny fonon'ny boky any an-damosina hahitanao ny fomba hanaovana izany.**

Gude



### Mombamomba an'i Erwin

**TAONA:** 7

**AVY ANY:** Province centrale, Papouasie-Nouvelle-Guinée

**FITENY:** Anglisy sy Tok Pisin

**TANJONA:** 1) Hanamory fiaramanidina. 2) Ho misionera.

**FIALAM-BOLY:** Mandihy sy manjono

**FIANAKAVIANA:** Neny, Dada, zokilahy telo ary zokivavy iray

### Ireo zavatra tena ankafizin'i Erwin

**TANTARA AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA:** Ny fotoana nanamboaran'i Nefia sambo (jereo ao amin'ny 1 Nefia 17–18)

**FOMBA FANAON'NY FIANAKAVIANA:** Famoriana ny fianakaviana rehetra ao an-tanàna hiara-misakafo

**VOANKAZO:** Paoma

**LOKO:** Mena

**HIRA AO AMIN'NY KILONGA:** "Zanaky ny Ray aho" (*Bokin-kiran'ny ankizy*, 2.)